


## ALAHADY FAHA 27 MANDAVANTAONA - B



***“ Koa aoka izay nakamban’Andriamanitra tsy hosarahin’olombelona “ (Mk. 10, 9)***

Ry Kristianina havana, amin’izao Alahady 3 Oktobra 2021, Alahady tsotra faha-27 mandavantaona izao no mankalaza amin’ny fomba manetriketrika isika eto amin’ny diosezy ny faha-120 taonan’ny ETA eto amin’ny Joffre-ville ary indrindra hidirantsika amin’ny fankalazana ny SINAODY ka ny lohahevitra sady tanjona no toe-panahy manentana antsika dia ny hoe EGLIZY VELONA, VELOMIN’NY BATEMY KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Mahavariana ny fandaharan’Andriamanitra fa ny lohahevitra amin’izao alahady faha 27 dia mikasika ny dinika irintsika atao : fianakviana iray ny Olombelona...Tsara ihany koa ny manamarika fa ao anatin’ny volana oktobra isika izao ka miaraka amin’I Masina Maria amin’ny alalan’ny raozery masina izay ibanjinana sy andalinantsika ireo mystery

efatra ny misterin’ny famonjena dia ny misterin’ny fahatongavana ho nofo, mystery faharoa mystery famirapiratana fahazavana, mystery izay I Md Papa Joany Paoly faharoa no namorona azy, mystery ibanjinantsika ny asam-pamonjena notanterahin’I Jesoa rehefa nitoriteny Izy, fahatelo mystery mampalahelo ibanjinantsika ny

Vakiteny I : Jen. 2, 18-24

Tononkira : Salamo 18

Vakiteny II : Heb. 2, 9-11

Evanjely : Mk. 10, 2-16

fanolorantenan’I Jesoa ho fanavotana antsika ary fahaefatra ny mystery be voninahitra izay maneho ny fitsanganan-ko velona. Izany ny azo amintinana ny famonjena nentin’I Kristy izay banjinintsika manontolo raha manao Raozery isika. Izay no mahasarobidy izao volan’ny raozery izao hibanjinantsika izany rehetra izany amin’ny alalan’ny fanaovana ireo toko sapile miaraka amin’i Masina Maria. Tsy azontsika hadinoina ihany koa fa izao volana oktobra izao no andalinana mikasika ny Mission na Fanirahana.

Ry Krsitiana havana izany rehetra izany no manosika antsika hilaza indray fa tsy misy ny kisendrasendra ao amin'Andriamanitra fa ataon'izao rehetra izao hahasoa izay tia Azy sy tiany. Matoky àry fa tena sitrak'Andriamanitra izao firosoantsika amin'izao SINAODY izao mba hahatonga antsika ho EGLIZY VELONA VELOMIN'NY BATEMY KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Miombon-dalana amin'ny sinaodin'ny Eglizy erantany isika amin'izany mikatsaka ny fiombonana, sy ny fandraisana antanana ka irahina (communion, participation, mission). Ny tanjona dia ahafahana mivelona ny "synodalité" izany hoe ny tena fiaraha-miombon'antoka manomboka amin'ny fototra ka hatrany amin'ny foibe. Tsy misy ny foibe raha tsy marim-pototra ny fototra...

Hiaraka amin'i Masina Maria isika hivavaka sady volan'ny raozery no volan'ny misiona rahateo. Iombonanantsika koa amin'ny sinaody eran-tany mba ho senakla tokoa handinihantsika manomboka ny fomba ivelomantsika ny finoana ka tsy ho mpitan-damba intsony na ho mpanjifa fa ho tompony, ho mpikatroka, ho mpihan-tsehatra mamelona ary manorina hitondra antsika amin'fivelarana bebe kokoa amin'ny fiainany ny eo anivon'ny tontolo iainana dia ny zava-boaary, amin'ny tontolom-piainana sy ny tontolom-pinoana ka hiaraka amin'i Masina Maria isika amin'izao famakivakiana ny volan'ny raozery izao sy izao SINAODY izao. Ity oktobra ity koa dia volana manokana ho an'ny misiona, ary amin'ny faha-24 ny volana oktobra no ankalazana ny Alahadin'ny misiona. Isika vita batemy rehetra no voakasika ny momba ny misiona. Izany no mahatonga antsika manao izao SINAODY izao iombonantsika amin'ny Eglizy Erantany hahatonga antsika araka ny averimberintsika ho EGLIZY VELONA VELOMIN'NY BATEMY HO TABERNAKLA VELONA ka zary génération mpanorina tokoa, manorina ny FIANAKAVIAMBEN'ANDRIAMANITRA, hahatonga antsika jiaby ho OLO ARAIKY, ho FRATELLI TUTTI raha ny hafatr'I Papa no asongadina. Misionera isika vita batemy jiaby.

Ny atao hoe Kristianina dia tsy hoe mahalala an-kandrina an'i Jesoa fotsiny fa raha mino Azy isika dia lzy no Andriamanitra sy mpampianatra, lzy no làlana sy fahamarinana ary fiainana, lzy no tompon'ny fiainantsika izany hoe isika no Kristy velona amin'izao andro ianantsika izao. Tsy amin'ny teny ataontsika fotsiny ny maha-Kristianina antsika fa amin'ny fiainantsika dia ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka mahatonga antsika tsy maintsy hametraka safidy na hanaraka ny fampianaran'izao tontolo izao izay mahatonga antsika hiavonavona, hanana hambompo, tsy mifanaraka ka mahatonga ny fanilikilihana, ny fialonana, ny fanapotohana, ny herisetra. Fantaro fa raha ny fitiavantena fitiavan-tena no hampanjakana voalohany sy tadiaviny dia izy no hanjakazaka eo amin'ny fiainantsika ka manjary mifanapotika isika eo anivon'ny tontolom-piainana sy tontolom-pinoantsika, ary tsy ny tontolom-piainana ihany indrisy ny potika sy robaka fa hatramin'ny zava-boary. Raha fintinina dia mifampifahavalo isika fa raha Andriamanitra kosa no safidintsika dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny làlana sy fahamarinana izay ampianarin' Kristy ny fiainantsika. Ny ahafahantsika hahay hanao safidy matotra no ezahintsika manao ny SINAODY izany hoe tsy ny tsirairay ihany fa isika EOY ka zary Eglizy velona, velomin'ny batemy (safidy) ka zary Tabernakla Velona...

Ny tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady izao, Alahady faha-27, alahady hanombohantsika ity volan'ny Oktobra, volan'ny misiona, volan'ny Rozery ary indrindra hanombohantsika izao SINAODY izao izay mifanojo amin'ny fankalazana ny faha-120n'ny Eglizy Trano eto Joffre-Ville dia misarika ny saintsika handinika ny tena fototry ny fiainantsika : FANAMBADIANA. Mitaky safidy tsara ny

fivelomanana ny FANAMBADIANA. Miankina ny fipetraky ny fanambadiana, ny tokantrano no ahafahantsika ahafahantsika manao “nouveau départ” mitondra amin’ny Pantekoty Vaovao. Aoka hazava amintsika fa ny fanambadiana no loharanon’ny fianakaviana resahintsika amin’izao Sinaody izao. Tena mahavariana izany satria tsy isika no nisafidy ireo Tenin’Andriamanitra ireo fa Tenin’Andriamanitra voatondro amin’izao Alahady faha-27 izao. Tsy kisendrasendra tokoa. Ny hazo no vanon-ko lakana dia ny tany naniriany no tsara. Miankina be dia be amin’ny fianakaviana ny fiainantsika izany hoe ilay fifandraisana fototra telo mandrafitra ny mahaolona. Tsy mahagaga izany satria tsy isika no nahary ny fanambadiana fa Andriamanitra mihitsy. Henontsika izany ao amin’ny vakiteny voalohany. Tsy ny Eglizy no nanorina ny fanambadiana. Na Malagasy ianao na vazaha, na silamo no advantista ... naharian’Andriamanitra hanambady ny olona. Raha nahary antsika hitovy Aminy Andriamanitra dia nahary ny fanambadiana. Fantatry ny Razantsika izany ka nahatonga azy nilaza hoe “ny fanambadian-ko namana...” Sarobidy ho an’ny Razana ny namana ka nahatonga milaza fa ny “secret” dia tsy inona fa “tsy ambaran-telo”. Midika izany fa tsy mety ho “maro” ny namana fa “tokana”. Izany no naharian’Andriamanitra ny fanambadiana hatramin’ny voalohany izany hoe “noharian’Andriamanitra ho tokana tsy azo sarahina”. Mbola io fahendren’ny Razana io ihany na dia mbola somambisamby aza no nahatonga azy manohy hoe “ny fanambadian-kiterahana”. Io no tanjon’ny fanambadiana. Tsodrano avy amin’Andriamanitra fa tsy avy amintsika olombelona...

Tsy mahagaga ny valintenin’I Jesoa raha nanatona azy ireo Farisianina nanontany mikasika ny fanambadiana *“Mahazo misao-bady va ny lehilahy?”* . Nilaza mazava i Jesoa fa noho ny HAMAFIN’NY FONAREO no nahatonga an’i Moizy nanatanteraka an’io lalàna io, tsy hoe io ny lalàna noharian’Andriamanitra antsika.” *Fa hoy kosa i Jesoa: “Ny hamafin’ny fonareo no nanoratany izany didy izany ho anareo. Fa tamin’ny niandohan’izao tontolo izao, dia lehilahy iray sy vehivavy iray ihany no nataon’Andriamanitra; noho izany dia handao ny ray aman-dreniny ny lehilahy, ka hikambana amin’ny vadiny, ary ho nofo iray ihany izy roroa; koa tsy roa intsony izy, fa nofo iray ihany. Koa aoka izay nakamban’Andriamanitra tsy hosarahin’olombelona”*

Ry Kristianina havana, ny fototry ny maha olona dia ny fanambadiana izay mifototra amin’ny fo. Ny fontsika no tsy maintsy miova raha tiantsika hiova ny tontolo iainantsika, ny tontolom-piainantsika sy ny tontolom-pinoantsika ka izay no tanjona iainantsika eo anivon’ny fanambadiana. “Ny fanambadian-ko namana” araky ny voalazan’ny razantsika, izany hoe mitovy zo sy hasina ka mifanaja, raha ny fahafinaretana ampianaran’izao tontolo izao ka tafiditra ao am-pontsika ao dia manjary fitaovana fa tsy namana intsony ilay ankilanao satria hitadiavanao ny fahafinaretana fotsiny, izany no mahapotika matetika ny fanambadiana raha tsy mifototra amin’ny FO, tsy ilay taova fa ny mahaolona ny olona. Izany no mahatonga ny fiteny hoe “sitrapo”. Ny fanambadian-ko namana hananana taranaka fara aman-dimby, izay no naharian’Andriamanitra antsika tamin’ny voalohany ary fantatry ny razantsika izany fa ny hamafin’ny fontsika no mampiova an’izany ka nahatonga an’I Jesoa nametraka amin’ny toerany ny fanambadiana ho an’ireo nanontany azy.

Maro ny zavatra potika amin’ny fiainantsika raha rava ny fanambadiana satria nohariana ho fianakaviana ao amin’Andriamanitra isika. Ho fianakaviana iray ao amin’Andriamanitra.

Fanontaniana mipetraka voalohany ahoana ireo tokantrano rava, ahoana ny momba ireo voatokana sy ny pretra ?

Momba ny tokantrano rava dia mila fandalinana sy fiaraha-midinika araka ny cas, mila accompagnement izany hoe mila fiarahan-dia eo anivon'ny fiainan'ireo tokantrano sahirana ny fiainantsika, miara-dia satria miankina amin'ny zavatra maro samihafa no mahatonga ireny faharavana ireny, nahatonga ireny "divorcés remariés" ireny. Io no nahatonga ny Papa nanao fanentanana na "exhortation apostolique" momba ny fianakaviana ka noho izany dia mila accompagnement ny toe-javatra misy manoloana ny fanambadiana. Tsy hoe fanaratsiana fa araky ny hafatr'i Jesoa ao amin'ny Evanjely dia tsy maintsy misy izany ny fanovana sy fiovam-po mahery vaika mikasika an'izany "divorcé remarié", tokantrano sahirana hoy isika. Ahoana ny momba ny tokantrano imaso, raha tsy misy empechement (sakana araky ny lalàn'ny Eglizy) izy ireo dia tokony hampirisihina hiroso amin'ny sakramentan'ny mariazy. Tsy tokony hampatahotra antsika ny fanambadiana satria noharian'Andriamanitra ao anatin'ny fanambadiana ny olombelona ka ilaina ny tsodrano amin'ny alalan'ny sakramentan'ny mariazy. Io no hany Sakramenta ifanomezan'olona fa tsy omen'ny Pretra raha oharina amin'ny sakramenta rehetra satria amin'ny mariazy dia vavolombelona manokana ihany ny pretra manamasina azy fa tsy izy no manolotra ny sakramenta fa ny mpivady no mifanolotra ny sakramenta ka izany no maha fahasoavan-dehibe io sakramenta io. Toa ny sakramenta rehetra dia varavarana misokatra amin'ny fiainana vaovao. Izany tokoa ny sakramentan'ny mariazy ho an'izy mivady sy taranany.

Ahoana àry ny momba ireo voatokona sy ny pretra, maninona tsy manambady ?

Famantarana ihany koa ny fanambadiana hitantsika ao amin'ny Efezianina, mystery lehibe hoy Md Paoly mikasika ny Eglizy sy ny fifandraisana amin'i Jesoa, izany koa ny momba ireo voatokana sy ny pretra, ny "célibat consacré" dia fiombonana amin'i Jesoa ka noho izany dia fitiavana anankiray no loharano sy fototry ny fanambadiana sy ny fanokan-tena ao amin'Andriamanitra. Miankina amin'ny "fidélité", miankina amin'ny fifikirana amin'ilay tiana, miankina amin'ny tsy fivadihana, izany no fampianarana fototra tian'i Jesoa ampitaina amintsika amin'izao Alahady faha-27 izao. Fantantsika fa ny fidélité » dia teny mitovy fototra amin'ny "foi et confiance". Miankina be dia be amin'ny finoana ny fandraisana an'izany rehetra izany. Ny finoana no hahafahantsika mifikitra amin'izay tiana ka ny fitiavana araka ny averimberintsika matetika dia ny fahafoizana, fandraisana an'izay tiana araka ny maha izy azy ary fanolorana ny maha izy azy ny tena ho an'izay tiana. Izany no mahatonga ny hoe na inon-kidona na inon-kihatra, teny atao amin'ny fifanolorana ny sakramentan'ny mariazy.

Azontsika mazava ny antony iantsoantsika an'izao SINAODY izao handalinantsika izany rehetra izany mba hivaotra tokoa ny fanambadiana araka ny fampianaran'ny Eglizy. Aoka ho fantatsika fa nataon'i Papa ho taonan'ny fianakaviana ity taona ity satria feno 5 taona ny Exhortation mikasika ny fanambadiana sy fianakaviana Amoris laetitia (Hafalian'ny fitiavana). Torak'izany koa mbola ao anatin'ny taonan'i Md Josefa ka nahatonga azy nanao « antso avo » : « mila Baba izao andro izao ». Ireo rehetra ireo no dinihintsika sy halalinintsika amin'izao Sinaody hatomboka izao hitondra antsika amin'ny Pantekoty vaovao.

Hiaraka mivavaka tokoa isika mianakavy, hanao vavaka totoafy isika ho an'ny Sinaody, ho an'ny fianakaviana, « eglizy kely » izay loharano sy fototra ny fiainana, fototra ny mahaolona.

Raha ny vakiteny mitohy amin'izao mandavantaona izao no tanterahintsika miaraka amin'ny fampianarana tamin'ny Alahady lasa teo dia manamafy ny voalazan'i Jesoa raha nandray ny zazakely izy ka nilaza hoe « na iza na iza tsy miova tahaka ny zazakely dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra ». Aoka isika hanana ny toetran'ny zaza raha te-hiditra amin'ny fiainana maha kristianina, aoka isika haka tahaka ny toetran'ny zaza izay mifototra amin'ny zavatra telo :

Ny voalohany dia matoky ny Ray aman-dReny, io fitokisana io no fototry ny finoana. Matoky an'Andriamanitra Ray isika, hatoky an'izay tiavintsika ka hifikitra aminy.

Ny faharoa dia tsotra amin'ny fiainana ny zaza, tsy misy fitapitaka na lainga na risoriso fa marina ny zaza. Antoky ny fiainan'ny fianakaviana ny fahatsoram-po ka halaintsika tahaka ny zaza. Matoa i Jesoa nanao ny fandraisana zazakely io dia ny mba hanoro làlana antsika.

Ny fahatelo amin'ny toetry ny zaza tsara hananantsika dia ny fitiavam-bavaka mitodika amin'Andriamanitra. Fantantsika fa ny zaza izay tsy tia fitapitaka dia mijoro ao anatin'ny fitiavana ka izany no mahamarin-toetra ny fiainam-pianakaviana. Manana "fo madio" ny zaza ka sambatra mahita an'Andriamanitra.

Fintinin'ny vakiteny faharoa izay rehetra nofakafakantsika. I Jesoa tokoa *ilay natao ambany vetivety noho ny anjely, dia izay Jesoa no hitantsika nosatrohana voninahitra sy fiandrianana noho ny fahafatesana niaretany; fa noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia nanandrana ny fahafatesana mba hamonjy ny olombelona rehetra izy.*

Ry Jesoa Tompo ô ampianarinao anay tokoa fa lanao no loharano sy fototra. Miatrika izao Sinaody izao izahay ka enga anie ny Fanahinao hanilo izay dinika rehetra ataonao ka hahatonga Anao ho eo anivon'ny fiainanay ary ivon'ny fiainanay. Nohariana ho fototra sy loharanon'ny fianakaviana ny fanambadiana, ny hazo no vanon-ko lakana ny tany naniriany no tsara, ny fianakaviana no fototry ny fiainana fiaraha-monina sy ny Eglizy. Milaza miara-mahita anefa izahay fa voahozongozona ny mahaizy azy ny fanambadiana sy ny fianakaviana. Arotsahy amin'izao sinaoda izao ny tsodranonao fa fototry ny dinika rehetra ny fianakaviana "Eglizy kely". Mivavahà ho an'ny tokantrano rehetra erantany mba hanjaka ny fifampitokisana, ny fifankatiavana, ny fahatsorana ao anatin'ny fahamarinana eo anivon'ny fianakaviana. Masina Maria Reny mitodika aminao izahay ho an'ny renim-pianakaviana maro miatrika ny fahasoratam-piainana. Tohana am-bavaka ireo vehivavy maro izay voahosihosy ny zo aman-kasiny. Tohana am-bavaka ny dinika mba ho Senakla tokoa. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy Erantany ampio ny ray rehetra mba samy hivelona ny vòkasiony amin'ny toerana rehetra misy azy. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson